

# 8 Ora tany an-Danitra

**Fijoroana vavolombelona nataon'i Ricardo Cid**

www.DivineRevelations.info/MALAGASY

Hoy ny Tompo: ***« Alefako izao hafatra izao ho an'ny oloko ety ambonin'ny tany, satria tena misy Aho aty an-Danitra aty. »***

Apokalypsy 4:1

*« Rehefa afaka izany, dia hitako fa, indro, nisy varavarana nivoha tany an-danitra; ary ilay feo voalohany izay efa reko dia tahaka ny an'ny trompetra niteny tamiko hoe: Miakara atỳ, dia hasehoko anao izay zavatra tsy maintsy ho avy rahatrizay.»*

Apokalypsy 5:11-12

*« Ary nahita aho sady nandre feon'anjely maro manodidina ny seza fiandrianana sy ny zava-manan'aina ary ny loholona*, ary ny isany dia alinalina sy arivoarivo, [* Gr. presbytera] nanao tamin'ny feo mahery hoe: Ny Zanak'ondry, Izay novonoina, dia miendrika handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra.»*

Azafady, miangavy indrindra anareo fiangonana mba hihaino ny zavatra nitranga teo amin'ny fiainako. Tao anatin'ny nofy, ny Tompo dia nanomboka nijery ny momba ahy. Tsaroako tsara tao anatin'ny fahitana fa nivoaka ny tranoko aho ka nandehandeha teny amin'ny fokontany nisy anay, teny amin'ny arabe izany; ary tsaroko ho nisy olona iray nibata ahy tamin'ireo tanako niakatra teny ambony amin'ny habakabaka eny, ary toa nilomay nihazakazaka tamin'ireo rahona aho rehefa avy eo sady nidera ny Tompo. Nisy hazavana lehibe anefa nipoitra teo amiko ary nisy feo nivoaka tao amin'ilay hazavana ka nanao tamiko hoe: «***Ricardo, Ricardo, ialao ny asanao fa misy zavatra tiako hatao eo amin'ny fiainanao sy ny fiangonako eny ambonin'ny tany***. »
Rehefa avy nandre ilay feo aho dia nitsamboatra mafy ary taitra tamin'ny torimasoko.Nifoha aho ary nitomany teo anatrehan'Andriamanitra ka nanontany hoe: «*Ianao ve no niteny tamiko, Andriamanitra ô? »*

Mafibe Ilay feo tonga tamiko ka nitamberina sy nanako tao anatiko foana nandritry ny andro vitsivitsy. Indray andro rehefa natory aho dia tonga indray ilay nofiko ka ny Tompo mihitsy no namerina amiko indray io Teniny nolazainy tamiko io. Nandritra izay fotoana izay rehefa taitra aho dia mangovitra, satria mihamafy ny feon'Andriamanitra isaky ny miteny amiko. Ka rehefa mifoha sy mangovitra aho dia lasa mikiakiaka ka manontany ahy ireo ray aman-dreniko hoe: «*Fa misy inona?"* Nolazaiko azy ireo ary ny nofiko ka lasa nivavaka ho ahy ny reniko ka niteny tamiko hoe: « *Raha ny Tompo tokoa no miresaka aminao, dia hanome fanazavana izany aminao Izy* ». Nanohy nivavaka izahay ny alin'io mandra-maraina handehanako hiasa. Niteny tamiko i neny fa tokony hiomana handeha hiasa amin'izay aho. Nangataka famantarana tamin'Andriamanitra izahay mba hahalalanay raha tena Izy tokoa no miteny. Nisasa sy niomana

aho ary lasa nandeha namonjy ny asako. Toy ny mahazatra dia miasa ao amin'ny « Laboratoires" na trano fanamboarana fanafody fitsaboana ireny ao Chili aho.

Tena tiako ny asako. Lasa nandeha niandry bus aho. Ary rehefa nidina ny bus dia nisy olona iray niteny tamiko avy hatrany hoe: *«Inona no ataonao eto nefa ianao efa tsy tokony ho aty intsony.*" Ary nanomboka teo dia imbetsaka ary olona samihafa no niteny ahy toy izany, tsy tokony hijanona eo, hono, aho. Mahagaga fa tsy misy kristiana nateraka indray izy ireo na iray aza. Andriamanitra mihitsy no manome famantarana ho ahy. Rehefa izany dia nanatona ny mpampiasa ahy aho ka nametra-pialàna. Hoy aho taminy: *«Tsy maintsy miala aho satria nodidian'Andriamanitra."* Rehefa Andriamanitra no mibaiko dia tanteraho antsakany sy andavany. Gaga anefa ilay mpampiasa ahy ka nanontany hoe: «*Inona ary no hataonao raha hiala amin'ny asanao ianao? Aiza ianao no hahita asa tsara toy ny eto?"* "Eny e, marina izany, hoy aho, kanefa tsy maintsy manaraka ny baikon'Andriamanitra aho."Noho izany dia nanao fetibe fisarahana tamiko nanangonana olona tokony ho 2000 ilay mpampiasa ahy.Rehefa izany dia nangoniko ny zavatra momba ahy tao am-piasako dia lasa nody aho. Rehefa tonga aho ka iny saika hitomany iny dia indro efa teo amin'ny veranda ny reniko ka natsahatro ny tomany. Niteny taminy aho fa nialako ny asako, satria ny Tompo mihitsy no nanamarina ireny nofiko ireny tamin'ny alalan'ny olona maro tsy fantatro nilaza tamiko fa tsy tokony hiserantserana eny intsony, hono, aho. Namaly i neny hoe: *"Raha ny Tompo tokoa no niteny taminao, aoka Izy no hitantana ny fiainanao araka ny sitrapony."*




Nipetraka tao an-trano izahay mianaka mandra-paharivan'ny andro. Ary nilaza taminy aho fa handeha hatory fa hiresaka amiko ny tompo io alina io. Nihevitra aho fa hiresaka amiko amin'ny alalan'ny nofy Izy, kanefa tsy araka ny eritreritro no niseho. Fomba hafa tanteraka no nisehoany. Rehefa nandeha tao an-tranoko aho ka nanala akanjo dia indro fa nihovitrovitra ny tranoko. Ary nanomboka nikiaka aho hoe: *«Misy horohoront-tany eto Santiago Chili."* Niezaka hivoaka ny tranoko aho, kanefa toa misy olona iray tsy hitako manakana ahy tsy hivoaka ny varavarako. Hitako avy teo amin'ny efitra nisy ahy I mama sy ny Havana rehetra tao an-trano ka niantsoako vonjy mafy nefa tsy nisy nandre ahy na iray aza. Rehefa Fantatro teo fa hay anjely io tsy hita manakana ahy io. Nihemotra aho ka nipetraka teo amin'ny fatoriako ary niantso mafy an'Andriamanitra ka nivavaka mba hilazany amiko izay mitranga.

Avy eo nisy feo niteny tamiko. Ny Fanahy Masina io nanomboka niteny tamiko io tamin'ny feo tsara feno fitiavana hoe: «***Ricardo, ankehitriny niala tamin'ny asanao ianao, ka tiako ianao raha mankany am-piangonana hivavaka adiny fito isan'andro, isan'andro ho an'ny fiainanao sy ny fiangonako eto an-tany.***" Rehefa nitsahatra niteny ny Tompo dia nitsahatra tsy nangorohoro ny tranoko. Nandeha nanokatra ny varavarako aho ka indro afaka nivoaka soa aman-tsara. Rehefa izany dia nilomay teo amin'ny neny aho ka nikiaka hoe: «*Nandre ny feon'ny Fanahy Masina aho*", Nivoaka tany ivelany aho sady mbola nikiaka toy izany ihany. Betsaka ny olona tsy mino mihitsy fa mbola miteny amin'ny olona toy ny taloha Andriamanitra ankehitriny, milaza marina aminao nefa aho fa mbola miteny izy! Raha ny Tompo niteny nivantana tamin'i Abrahama, Izy ihany koa mbola afa-miresaka amintsika fiangonany izao!

Lasa nankany am-piangonana aho ary nilaza tamin'ny Eveka na ny Pastora fa tokony hosokafana amin'ny 8 ora isa-maraina ny fiangonana mba hahafahako hivavaka sy hanatanteraka ny baikon'Andriamanitra. Isa-maraina dia mankao am-piangonana aho ka mivavaka adiny iray, adiny roa sy adiny telo; ary tsy mahita holazaina intsony aho amin'ny vavaka ka nanomboka nanontany an'Andriamanitra hoe: « *Tompo ô! Inona ny tonom-bavaka hataoko? Izao anefa dia mbola misy adiny efatra sisa!* "

Rehefa izany dia nandre zavatra naneno mafy avy ao anaty tany aho teo amin'ny varavarana aorian'ny fiangonana. Ary nahatsapa aho fa toa mihetsika miankavia sy miankavanana toy ny olona mamo ilay trano fiangonana. Teto indrindra no nanomboka niteny tamiko ny Tompo, kanefa tsy mitovy amin'ilay feony tamin'ireny nofiko ireny. Teo aloha dia niteny tamiko amim-pahefana Izy, fa izao kosa dia feo ory sy mitalaho no henoko. Hoy ny Tompo tamiko: «***Ricardo, Ricardo, mivavaha ho an'ny fiangonako! Ny fiangonako dia tsy toy ny teo aloha intsony!! Ny fiangonako ety ambonin'ny tany dia tena niova.Ny fiangonako dia tsy manam-pinoana intsony.Ny fiangonako dia tsy mino Ahy na tsy mino ny fisiako!***

***Lazao amin'ny fiangonako fa MISY AHO!! Mampivavaha ireo fiangonako, satria ny fiangonako dia tsy ampy vavaka sy tsy mifady hanina intsony!"*** Nijanona ilay horohoro teo rehefa tapitra ny Teniny. Noho izany dia nanomboka nivavaka indray aho ho an'ny vahoakan'Andriamanitra hifohazany ara-panahy, niakatra sy nidina tao am-piangonana ka tsy nijanona raha tsy tapitra ny adiny efatra sisa.

Ny Alakamisy faharoa ny herinandron'ny fivavahana nataoko, dia nandre narary mafy ny any amin'ny vanin-taolako sy ny retsika rehetra rehefa hifoha ka nalaina aho ny hifoha vao maraina. Namoha ahy ny reniko mba handeha ho any am-piangonana hivavaka, kanefa nitaraina taminy aho fa ny tenako sy ny taolako dia marary daholo. Nanome soso-kevitra ahy i neny mba hivavaka ato an-trano. Kanefa, nolazaiko tamin'ny neny hoe Andriamanitra mihitsy no nibaiko ahy fa any am-piangonana aho no mivavaka. Noho izany dia nanampy ahy niaknjo ny reniko ary nanatitra ahy tany am-piangonana. Tamin'io maraina io dia betsaka ny olona tonga nivavaka ary niangavy ny rehetra aho mba hivavaka ho ahy noho ny tenako marary. Nilaza tamin'izy ireo aho fa kely ny heriko hivavaka. Noho izany dia nivavaka sy nanosotra ahy izy ireo ka nahazo hery "surnaturelle" na herim-pahagagana avy tamin'Andriamanitra aho!! Haleloia! Nanomboka nivavaka aho nandroso sy niverina, ary nangataka ny famindrapon'Andriamanitra ho an'ny Chili fireneko, ny fianakaviana, ny mpidoroka, ary ny fiangonana.

Nahavita ny fotoam-bavaka aho ary tratra hariva aho vao nody noho ny asa fanompoana tao am-piangonana. Tao aorianan'ny tso-dranon'ny Eveka dia nanangana ny tanako aho, ka nandre fa misy nmandalo ao aoriako sy nitsapa ny lamosiko. Rehefa izany dia lasa very indray ny heriko ka nianjera tamin'ny tany aho. Ilay Eveka dia nanontany izay mahazo ahy; ka novaliako fa tsy fantatro, zara aho tamin'io raha afa-niteny. Nanodidina ahy ny fiangonana ary nanomboka nivavaka sy nikiakiaka ho ahy. Avy eo ny sasany tamin'ny mpiangona dia nahita anjely tonga teo ary nangataka tamiko ny hialan'ny fanahiko tamin'ny vatako. Niteny ilay Eveka hoe: «*Tsy azonao atao ny mamela ny vatanao!"*. Rehefa niteny izany ilay Eveka dia nijanona tsy nanome baiko ahy ilay anjely mba hialako amin'ny vatako. Hitantsika amin'izany fa izay olona manana fahefana avy amin'i Jesosy Kristy dia hajainy sy eken'ny anjelin'ny Tompo.

Ilay Eveka dia nanontany ahy, "*Fotoana firy no hitondran'ny anjely ny tenanao*?" Nanontany an'ilay anjely teo aho: *«Ho entinao adiny iray ve aho?sa adiny roa? na adiny telo?"* Namaly ilay anjely hoe: *"Tsia, ianao dia tsy ho eo ao anatin'ny adiny valo (08) fa hihaona an'i Jesosy Kristy any amin'ny Lanitra fahatelo satria te-hiteny aminao Izy."* Rehefa izay dia nanohy niteny tamiko ilay anjely hoe: *« Tsy izaho no hitondra anao any an-danitra, satria izaho dia ilay anjely mpiambina anao ka miaro anao isan'andro amin'ny androm-piainanao ety ambonin'ny tany. Anjely roa no ho tonga avy any an-danitra ka hitondra anao any amin'ny Lanitra fahatelo amin'ny misasak'alina.*" Nilaza izany rehetra izany aho tamin'ilay Eveka ary nandray ny fiaran'ny rahalahy mpiara-mivavaka izy nitondra ahy tao an-tranon'ny Pastora ao amin'ny rihana ambony.Raha izaho mbola natory tao am-piangonana iny dia nandre feon'alika mivovo syvahoaka mikiaka.

Taorian'izay, olona roa miakanjo fotsy mamirapiratra no niseho teo ampovoan'ny arabe ary niditra tao amin'ilay trano nisy anay tao amin'ny rihana ambany ary dia niakatra tao amin'ny rihana natoriako. Ireo anjely ireo dia tsara tarehy. Manana volo mamirapiratra izy ireo ary fotsy lavitra mihoatra ny fanala ny volon'izy ireo ary ny masony dia toy ny perla. Ny hoditr'izy ireo dia malefaka toy ny an'ny zaza vao teraka. Kanefa ireo anjely ireo dia matanjaka!! Niteny tamin'ilay Eveka aho fa efa tonga ireo anjely nirahina haka ahy ho any an-danitra. Ny iray amin'ireo anjely dia nanome toro-marika ahy mba handao ny tenako. Rehefa tonga izany dia nanomboka narary indray ny taolako rehetra. Ary ireo rahalahy ao amin'i Kristy dia nanomboka nanotra ny tenako ary niteny tamiko fa mihamangatsiaka toy ny lagilasy aho. Rehefa izany dia nitady fanafanàna entin-tànana ry zareo mba hampafàna ahy. Rehefa nanome baiko ahy ireo anjely hialako ny tenako dia nanomboka kivy aho. Nanomboka tsapako nanafika ahy ny fahafatesana ary niangavy mafy ireo rahalahy amin'i Kristy aho hoe: « *Aza alevina aho fa mbola hiverina!"*

Nandao ny tenako aho ary niantsamboatra teo amin'ny fatoriako aho. Hitako ireo rahalahy ao amin'i Kristy mikasika ny vatako ka niteny hoe: «*Lasa izy, nialany ny vatany!"* Kanefa izaho tsy lavitra fa eo akaikin'izy ireo ka nilaza taminy hoe: «*Ity eto akaikinareo aho!"* Ankehitriny, tsy mety mahita ny fanahiko intsony ry zareo, fa ilay vatana mety lo no hitany fa ilay fanahy tsy mety maty no lasa io. Nandrakotra lamba ny vatako ireo rahalahy.

Niteny tamiko ny iray tamin'ireo anjely: «*Efa fotoana handehanantsika izao, satria efa miandry anao ny Tompo!"* Noraisin'izy ireo tamin'ny sandriko andaniny sy ankilany aho ka niakatra nankany an-danitra izahay ary nanavatsava ny atmosifera sy ny habakabaka tamin'ny hafainganam-pandeha haingana dia haingana. Tiako ny hilaza aminareo, na hino ianareo na tsy hino, « *JESOSY KRISTY TOMPO DIA MISY ARY VELONA MANDRAKIZAY!!* »

Taoriana kely, rehefa nibaiko ahy hiditra ao amin'ny tenako ny Tompo dia nilaza taminy aho hoe: *"Iza no hino ahy? Aleoko ihany mijanona aty aminao!! Tsy hisy olona hino ity fanambarana ity, tsy hino ny olona satria tsy manam-pinoana!Ny tsy finoan'ny olona ety ambony tany dia tena lehibe."* Jesosy Tompo namaly ahy hoe: « ***Hisy hino ny tantaranao, ireo ao amin'ny fiangonako marina, izy ireo no hino."***

Raha iny izaho niala ny vatako iny alina iny dia nanidina amin'ny hafainganam-pandeha tsy azo inoana mba hitsidika ny Tompo. Nijery taty ambany aho ka nahita ny planeta tany. Avy eo nandalo teo akaikin'ny volana, ny volana izay hazavana lehibe manazava ny lanitra rehefa alina. Nanarak'izay dia afaka nahita maso akaiky ny masoandro izay ngeza mankadiry aho, hitako ny hafanambe avoakany hanafàna ny tany. Rehefa izany dia nanohy ny dianay izahay nandalo tanilan-kitnana maro. Tanjon'Andriamanitra mihitsy no nampahita ahy mivantana ny masoandro sy ny volana ary ny kintana mba hanehoana fa, Lehibe Andriamanitra, izy no mpamorona izao rehetra izao!!! Tsy hisy afa-milaza Azy ho kely!

Nanohy ny dianay izahay amin'ny hafangainam-pandeha mafy dia mafy indrindra mandra-pahatongavanay amin'ny toerana tsy ahitana kintana intsony. Tsy misy zavatra noforonina teo fa aizina fotsiny no hita. Afaka nijery taty ambany aho ka nahita ireo kintana avy aty ambany. Nanomboka natahotra aho ka nanontany ireo anjely: *«Ho entinareo aiza moa izaho ity? Azafady tompoko mba averenonareo amin'ilay vatako eny ambony tany aho!* " Nofihinin'izy ireo mafy tamin'ny tongony ny tongotro roa, Nininginingina sy niforitra aho noho ny tahotra.Niteny ireo anjely hoe: "*Mangina! Entinay any amin'ny lanitra fahatelo ianao izay iandrasan'I jesosy hiresahany aminao!* "Nijanona kely ireo anjely ary nanararaotra nijery ny manodidina aho, kanefa tsy misy zavatra voaforona na dia iray aza; ary tena tsy fantatro na taiza io nisy anay io na taiza fa nihevitra aho fa ilay lanitra faharoa io.

Mbola nitingitingina ihany aho sady hazonin'ny anjely mafy dia mafy no injany feon-javatra nigadona mafy toa nikorapak teo amboninay.Nofihinin'izy ireo mafy aho ary niteny izy hoe: « *Ricardo, aza matahotra fa Jesosy Kristy miaraka amintsika!"* Hoy ihany koa izy ireo tamiko: "*Ahodino ny lohanao ka jereo io ambony io!"* Tena taitra aho satria nahita zavatra mihetsiketsika eo amboninay. Ary nilaza ny iray amin'ireo anjely hoe: *«Jerevo, hatoronay anao io zavatra eo ambonintsika io!"* Ary ny iray amin'ireo anjely nanao fihetsika tamin'ny tànany hanazava ny lanitra hahitanay ny manodidina. Vao nazava dia hita fa tsy nisy afa-tsy ny devoly sy ny forongony no nameno ny lanitra. Noroahina tamin'ny anaran'I Jesosy izy rehetra!! Tena marina ny baiboly!! Izay rehetra miseho eto ambonin'ny tany amin'izao dia efa voalaza ao amin'ny faminanian'ny bokin'ny Apokalypsy. JESOSY DIA Ho avy tsy ho ela I Jesosy!! Tiako ianareo ho tena resy lahatra fa efa tena antomotra ny fotoana!!

Nanontany ireo anjely aho hoe: «*Aiza moa ity toerana ity?*" Namaly ny anjely iray hoe: "*Eto dia fanjakan'ny fahamaizinana ka i Satana sy ireo devoly no monina eto.*" Nanomboka niteny aho hoe: «*Izany indrindra no maha-betsaka ny ratsy eny ambonin'ny tany! Midina eny izy ireo ka mahatonga fahasimbàna sy faharatsiam-panahy. Feno devoly ny tany!* "Antapitrisany maro tsy voaisa.




Avy eo dia nanomboka nanome famantarana ireo Anjely ka nampijery ahy akaiky ny endrik'ireo devoly ireo ka ny ankamaroany dia tena faran'izay ratsy dia ratsy indrindra toy ny hita amin'ny fahitan-davitra na TV ny sasany. Tena ratsy izany ary tsy hay ny ilazana ny faharatsiany!! Izaho nahita tamin'ny TV ireo « Thundercats » sy « Power Rangers » ary ireo filma horera mampihorin-koditra ireny. Ireo mpamorona ireny filma horera ireny sy ny



« dessins animés” ireny dia manao fifanekena amin'ny devoly mba hamoaka azy ireny any amin'ny fijerena « cinema » sy amin'ny Televiziona TV!! Ireny sary ireny dia avy amin'ny fanjakan'ny ara-panahy an'ny devoly sy ny forongony. Nahoana moa araka ny hevitrao amin'ny androntsika izao ny ankizy no lasa mpanohitra sy mpaniratsira?? Satria ireo devoly ireo dia miditra ao anatin'ireny ankizy ireny, satria tia sy manaraka ireny filma sy « dessins animés » ireny ny ankizy ka maka tahaka. Izany indrindra no tokony hampianarantsika ireo zanantsika mba hifantina ny zavatra izay azony jerena ao amin'ny televiziona TV. Niteny ilay anjely fa tena marina ireo hitanao ireo. Ireo devoly ireo dia misy, ary misy ny olona manao « pacte » na fifanarahana aminy mba hitondra ireo devoly ireo ety an-tany. Ary nanozona ahy sy ny fiangonana, Ny Tompo Jesosy sy Andriamanitra, ary ny tany izy ireo. Izy mantsy tsy manisy hajany an'Andriamanitra na ny zava-boahariny.

Rehefa izany dia nahita endriky ny sary amin'ny « dessins animés » izay tena malaza ao Chili aho, Hugo no anaran'io sary karikatiora io. Tena mampatahotra ny mijery azy. Nanakaiky anay izy io ary niteny tamiko hoe: « *Handeha eny ambony tany izahay hamono ny ankizy rehetra!"* Tsy mahagaga raha misy ankizy tena mamono mahafaty ny ankizy namany. Hoy mantsy ny sasany amin'izy ireo: “nisy zavatra nivoaka avy tao amin'ny TV nandidy ahy hanao izatsy na izaroa.” Ireo devoly ireo no mamboly ny fankahalana sy tsy fifankatiavana ety ambonin'ny tany, ny Tompo anie hanafaka sy hamonjy an'i Chili amin'izany!! Ny Iray amin'ireo anjely dia niteny tamiko hoe: "*Jereo ihany!*" Ary niteny ireo devoly hoe: « *Miezaka hamono sy hanapotika ny fiangonana izahay, kanefa tsy afaka manao izany satria raha misy fiangonana iray maty dia arivo arivo no teraka sy miorina etsy sy eroa ho solon'ilay iray maty!"* Efa hatrany ampiandohana I satana no niezaka nanapotika ny fiangonana tena mitory ny filazantsara sy manao ny asan'Andriamanitra; saingy tsy vitany satria I Jesosy Kristy Tompo miaro ny fiangonany! Dera ho an'Andriamanitra! Manarak'izay, niteny ireo devoly hoe: « *'ndeha hanao zava-baovao,, hiditra ao anatin'ny fiangonana isika fa efa betsaka ny olontsika ao! Ireny no hasaintsika manely tsaho sy lainga hoenti-mampiady ny mpirahalahy. Halavontsika ny fiangonana, amin'izay Malahelo ny Fanahy Masina ka hiala ao.*" Ny devoly dia mirenireny eny rehetra eny eny tontolo eny handripak ireo izay tia ny fahamarinan'Andriamanitra. Izany dia araka ny voalazan'ny Soratra Masina ao amin'ny I Petera 5: 8 « ***Mahonòna tena, miambena: fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany***. »

Tsy te-hijery intsony aho, kanefa niteny tamiko ilay anjely hoe: tohizo foana ny fitadidiana sy fijerena ireo zava-miseho rehetra ireo. Hitako ireo devoly mitsoaka mandositra ilay hazavana tokana lehibe toy ny kintana mazava be manatona anay. Hay tsy kintana mazava araka ny eritreritro ilay izy teo fa anjely antapitrisany maro mitaingina soavaly fotsy midera ny Tompo amin'ny maha-piady mahery azy ireo!! Miantsoantso mafy toy izao izy ireo: « *Masina, Masina, Masina, ilay velona mandrakizay mandrakizay! Ny Tompo no Alpha sy Omega, ny fiandohana sy fiafarana ary mamela heloka an'izay miaina sy manome voninahitra an'ny Tompo!* "
Rehefa izany dia nahita andian'anjely mpiady lehibe aho ary tsy hita popoka teo intsony ireo devoly." *Aza matahotra fa ireo anjely betsaka ireo no miaraka amintsika, ary na dia akaikin'ireo fahavalo aza isika dia betsaka ny anjely hiady ho antsika!"*

Nanohy ny dianay nankany amin'ny lanitra fahatelo izahay sy ireo anjely rehetra. Nizara roa izy ireo teo ankavia sy teo ankavanana. Izany dia mizotra mankany amin'ny lalana misokatra mankao amin'ny lanitra fahatelo! Rehefa tonga tao an-Danitra izahay dia nahita ireo tanàna masin'Andriamanitra. (*Nisy zanabolana efa nahazo sary io tanàna io. Io tanàna masina io dia tena misy.Nivoaka tamin'ny fampahalalam-baovao izy tamin'izay*).Hitako ireo andian'anjely feno voninahitra sy hatsaràna. Nodioviny mba tsy hisy devoly intsony ny faritra rehetra teo, izy ireo amin'izany tsy mitsaha-midera an'Andriamanitra no mihoby ny anarany! Napetrak'ireo anjely teo alohany aho sady hoy izy: « *Andraso eto!”*

Teny lavidavitra teny dia hitako ny tanàna kanto vita amin'ny vatosoa saro-bidy; ary nahita olona mitafy lamba fotsy manjopiaka mitaingina soavaly fotsy aho. Rehefa nanakaiky ahy io olona io dia tsy mitsahatra ny manome voninahitra ny anaran'Andriamanitra ireo anjely ary nitsaoka Azy. Nanakaiky ahy tokony ho 4 metatra teo ilay olona.Tena tsara lavitra noho ireo anjely hafa izy. Niandry izay ho lazainy aho, satria nijery ahy izy ka niteny mafy tamiko hoe: « Izaho no izy*! Izaho no Michael mpamita ny iraky ny Tompo; ary izaho no miandraikitra anao sy mpiaro ny fiangonana eny ambonin'ny tany!"* Nifanatrika

mivantana tamin'I Michael aho ary tena fanahy saro-bidy tokoa izy! Nitodi-doha izy ka nanasa ahy hiditra ao an-Danitra. Hoy izy tamiko: «*Midirà! Jesosy Tompo efa miandry anao!*» Nandeha tamin'ilay lalan'ilay tanàna masina izahay ary nidera sy nanome voninahitra ny Tompo ireo anjely.Nigogogogo nitomany aho raha nahita ity tanàna tena tsara voatra.

Voavoatra tamin'ny volamena tsy mifangaro ny tanàna ary mangirana sy mangarahara ireo vavahady fidirana izay vita amin'ny vatosoa sy perla. Ny tany diavina dia kristaly mangarangarana. Tsy nahita izany mihitsy ety ambonin'ny tany aho ary na tanan'olombelona dia tsy hahavita mihitsy ny toy izany. Ny "architecte" mpamorona dia Andriamanitra Tompon'izao rehetra izao. Tao ivelan'ilay Tanàna aho ary ny vavahady dia nisokatra lehibe; ary hatreto dia mbola misokatra foana ireo varavarana lehibe ireo. Afaka nijery ny tao anatiny aho ary ny rindrina dia vita amin'ny vatosoa « rubis », « saphirs » ary « perla » izay tena mamirapiratra. Ary ao anatin'ilay Tanàna dia misy feo antapitrisany antapitrisany midera an'Andriamanitra! Nangorohoro aho teo ivelan'ilay varavarana lehibe miandry izay ho fandraisana ahy.Nandre feo tokana izay nampihorohoro ny Lanitra aho; ary io feo tokana io no nahatonga ny feo antapitrisany antapitrisany manome voninahitra an'Andriamanitra hoe: «*Masina, masina, masina ny Zanak'ondrin'Andriamanitra Ray Azy ny fiderana sy ny voninahitra mandrakizay mandrakizay. Amen!"* Ilay feo tokana maneno mafy dia niteny hoe: **«AOKA HO MASINA IANAREO, SATRIA MASINA AHO! IZAY MANAM-PAHAMASINANA IHANY NO AFAKA HIDITRA ATO AN-DANITRA! FA IZAY TSY MANAM-PAHAMASINANA DIA TSY HAHITA NY TOMPO. »** Izay tsy masina dia tsy hahita ny Lanitra sy tsy hahita ny Tompo.

Nisy feo henoko hoe: "*Midirà*", dia niditra tao an-Danitra aho. Ary nahita toeram-boninahitra tsara tarehy aho ary misy afo mivoaka avy eo. Ary ilay afo dia mivoaka eo amin'ny seza fiandrianana. Nijery tsara teo amin'ilay seza fiandrianana aho ka hitako i Jesosy Kristy izay MPANJAKAN'NY MPANJAKA SY TOMPON'NY TOMPO! Nianjera tamin'ny tany teo anoloany aho fa tsy nanana hery mihitsy.Nisy tànana nivoaka avy tamin'ny lel'afo ka nitsotra tamiko ka hoy Izy hoe: "*Mitsangana ianao!"* Nahazo hery aho ary dia nitsangana. Nanomboka nitsapa ny tongotry ny Tompo aho, ny Tànany ary ny Vatany. Tena hitako ny endriky ny Tompo ary ny hatsarany dia tsy hay lazaina ka tsy azo oharina amin'ireo sary ataon'ny mpanao sary hosodoka ireny! Betsaka ny olona manamboatra andriamanitra vita amin'ny hazo ary amin'ny endrika maro samihafa! Kanefa miteny aminareo aho ry rahalahy; fa Jesosy dia tsy mitovy mihitsy amin'ireny sary voavoatra ireny.Izy dia Andriamanitra tena nofosana! Tsy Andriamanitra ratsy na masiaka fa Andriamanitra Mahery!! Hoy ny Tompo tamiko: ***"Izaho dia tsy Andriamanitra vita amin'ny tanimanga na hazo ireny, fa Izaho dia Andriamanitra velona sy misy!"*** Ary nanohy Izy hoe: ***«Teneno amin'ny fiangonako eny ambonin'ny tany fa tena Misy marina Aho!! Tena miaina marina ato an-Danitra Aho! Lazao amin'ny oloko fa Misy marina ny Lanitra ary miandry azy ireo Aho aty!"***

Niteny tamiko Jesosy Tompo hoe: "***Avia, manarahà Ahy fa haneho zava-dehibe anao Aho."*** Nijery taty ambany izahay ka indro hitanay ny aty an-tany sy izay rehetra miseho ety. Niteny Jesosy hoe: « ***Izaho dia afaka mahita ny zavatra ataon'ny fiangonako!*** *Hitany avokoa izay ataontsika, izaho koa dia afa-nahita avy any an-danitra ny ankamaroanareo.* Hoy Jesosy niteny tamiko: « ***Jereo ny ataon'ny fiangonako!"*** Ary indro hitako ireo rahalahy manohitra ny rahalahy; misy fiangonana miady amin'ny fiangonana hafa. Ary Jesosy nilaza tamiko indray hoe: « ***Very ny finoana ao amin'ny fiangonako, ary betsaka izy ireo tsy te-hino Ahy, ny faharatsiana sy ny heloka no mitombo eny ambonin'ny tany ary ny vahoaka dia tsy te-hino fa Misy Aho. Lazao amin'ny oloko fa hisy zavatra lehibe hitranga eny ambinin'ny tany! Vao may mihemotra ny fiangonana raha tokony hitombo."*** Nanomboka nitomany noho ny ataon'ireo fiangonana ny Tompo ary niteny hoe: «***izao fiangonana izao dia tsy mba ahy!***" Hoy aho Taminy: « *Tompo ô, aza mba miteny toy izany! Tena fiangonanao izahay.*» Ary hoy ny Tompo namaly hoe: « ***Tsia, ny fiangonako dia mandeha amin'ny herin'ny fahagagana sy famantarana maro! Mihena sy tsy mandroso intsony ny fiangonako! Ankehitriny dia lazao izy ireo fa ho avy tsy ho ela Aho hamoha azy ireo indray*** »

Nasain'ny Tompo nanohy nanaraka azy ihany aho ka nandalo tamim-baravarana iray izahay, volamena tsy mitampoka no nanaovana ny fanambanin'io toerana io. Nanomboka nilomay tamin'ilay làlana volamena aho ary noraisiko ny vovo-bolamena ka nafafiko tamin'ny vatako manontolo. Ary niteny tamiko ny Tompo hoe: ***"Rehefa miverina eny ambony tany ianao dia lazao ny olombelona rehetra fa misy làlana volamena ny aty an-Danitra aty.Ireo rehetra ireo dia nataoko ho an'ny vahoakako***». «***Kanefa, ao amin'ny***

***fiangonako dia betsaka ireo mpangalatra izay mangalatra ny am-pahafolon-karena sy ny rakitra! Lazao amin'ireo olona ireo fa ny mpangalatra dia tsy mahazo miditra ao amin'ny fanjakan'ny Lanitra!*** » Isika dia tokony hiova sy hanova ny fiainantsika ho an'ny Tompo. Rehefa izany dia nahita latabatra iray lavabe izahay ho an'ny olona antapitrisany maro izay misy sakafo be dia be sy zava-pisotro betsaka. Misy betsaka koa ny satro-boninahitra ary vera kristaly tsara tarehy mba hisotroan'ny vahoaka zava-pisotro eo. Niteny tamiko i Jesosy Tompo hoe: « ***Ricardo, ireo rehetra ireo dia nokarakaraiko ho an'ny oloko!*** ». Io dia ilay latabatra ho amin'ny fampakarambadin'ny Zanak'ondry.

Nisy anabavy ao amin'i Kristy izay efa nentina tao an-Danitra ary nahita ireo anjely nandeha tetsy sy teroa nanomana ny sakafon'ireo hampakarina amin'ny fampakaram-badin'ny Zanak'ondry! Niteny tamin'ny Jesosy Tompo aho hoe: « *Nahoana io anabavy io no nahita anjely nikarakra sy nanoman-javatra nefa izaho tsy mahita?"* Namaly ahy ny Tompo hoe: "***Satria ny fiomanana rehetra dia efa vita!"*** misy satro-boninahitra natokana ho an'ireo miasa sy mankto ny Tompo. Niteny aho hoe: « ***Tompo ô! Oviana marina ny fotoana hihavianao, satria efa vita ny fiomanana rehetra? Hafiriana sisa dia hiverina ianao? Asehoy ahy io famantaranora io, fitoana firy sysa no tavela amin'io famantaranoran-danitra io?*** » Betsaka ny olona efa nahita fahitana sy nanonofy io famantaran'andro io manondro eo ampotomoton'ny misasakalina, fotoan-kiavian'ny Tompo. Nanontany aho hoe: «***Tompo ô! Oviana ny misasakalina arak'io famantaranora io? Afaka 1 minitra ve sa 5 minitra?*** » Nandinika ny tarehiko tsara elaela i Jesosy vao namaly ahy hoe: « ***Ricardo, aty an-Danitra tsy misy famantaran'andro intsony!*** » Ary namaly aho hoe: « ***Raha efa tapitra ny fotoana, nahoana ary ianao no mbola tsy niverina?***» Nanondro tamin'ny tànany i Jesosy Kristy zavatra kely dia kely izay ka hoy Izy: « ***Ny hany fotoana tavela dia noho ny fahasoavan'ny Ray mba hahafahan'ireo niverin-dàlana hibebaka sy hanao ny asa voalohany.*** " Tsy mbola niverina ny Tompon'ny Tompo satria Izy manome antsika fotoana kely dia kely hibebahana, « ***Fotoam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra Ray***» *no ilazàna azy*. Jesosy dia ho tonga tampoka, ary tokony sy tsy maintsy manomboka mitady Azy amin'ny fo rehetra isika, mifady hanina sy maharitra mivavaka ary miasa toy ireo fiangonana voalohany. Raha mbola nieritreritra aho dia hoy Jesosy namerina hoe: « ***Eo amin'ny fotoam-pahasoavana sy famindram-pon'Andriamanitra isika izao!*** »

Ary nisy anjely iray nipoitra avy teo ankavananay sy niteny mafy hoe: **« TONGA NY FOTOANA! TAPITRA NY FOTOANA!! VITA NY FIOMANANA REHETRA!!! HAMPAKATRA NY VADINY AMIN'IZAY I JESOSY!!!! TONGA NY TOMPO ARY TANTERAKA NY SORATRA REHETRA!!!!! »** Ny sarimihetsika dia manondro ny zavatra mahatsiravaina amin'ny ho avy. Ny mpahay siansa dia manambara fa hisy zavatra hitranga goavana ety ambonin'ny tany fa izy ireo tsy tena mahalala akory io zavatra hitranga io! Ankehitriny, isika fiangonana kosa mahalala fa ho avy tsy ho ela intsony i Jesosy Kristy! Rehefa tapitra ny teny mafy nataon'ilay anjely dia niara-nitsambikimbikina nifaly ireo anjely antapitrisany fa ho avy aty an-Danitra ny ampakarina rehetra. Tsy nitsahatra nanontany aho hoe: *"Fa inona no zavatra miseho Tompo ô?"* Kanefa tsy tsy nisy nijery aho fa samy faly daholo izy rehetra noho ny vaovao tsara. Noho izany dia nanaraka ireo anjely faly ireo koa aho ka nanome voninahitra ny anaran'i Jesosy Tompo koa! Tamin'izay fotoana izay dia natsangako ny tanako ary toa nisy ohatry ny nampakatra ahy tamin'ny lanitra ary avy eo nandefa ahy taty an-tany tamin'ny hafainganam-pandeha izay mafy indrindra.

Amin'izao fotoana izao ny anjely dia faly handray ny ampakarina. Fa izaho kosa dia tonga tety ambonin'ny tany nalatsaka teo amin'ilay pilipitra fivavahako isanandro tao ampiangonana. Tena fohy ny fotoana!! Raha tsy hino ianao, asakasakao iza.Fa ho avy tsy ho ela Izy ka hanatanteraka ny maha-mandrakizay Azy. Misy ny olon'Andriamanitra sasany tsy mino ny fampakarana ho any an-Danitra. Miangavy re tompoko ary mifohazà noho ny fitiavan'Andriamanitra, mifohazà ary minoa fa marina izany rehetra izany!! (Nitomany I Ricardo).

Teto anilako ny Tompo ary nanao hoe: « ***Ricardo, Toy izao ny fitrangan'ny fampakarana raha tanterahina izao dia izao!*** » Tamin'izay dia nijery ny tany aho, Ary hitako ny tany iray manontolo sy ny Fanahy Masina, ilay manome antsika fiadanana sy fifaliana, niala teto an-tany. Ary nahita setroka aho niditra ny fiangonana sy nanodidina ahy dia nanontaniako ny Tompo hoe: ***"Fa inona ireo miseho ireo?"*** Hoy Izy: «

***Izao no antsoiko ho e fampakarana***». Indreny olona namaky ny varavaran'ny fiangonana fa te-hiditra ao sady niantoantso hoe: « *Aiza ireo zanako? Lasa daholo izy ireo! "*
Hanjavona avokoa ny zaza rehetra ety fa tsy hisy havelan'Andriamanitra. Ny mpitarika antokom-pihira no niditra voalohany tao ampiangonana ka nikiakiaka hoe: « *Aiza ny fiangonana! Tavela aho! Najanona! Tsy nentina!*» Tao aorian'ilay mpitarika hira; dia hitako teo koa ny pasitora maro, ny rahalahy sy anabavy ary ny mpiandry sy ny diakona sy ny katekista izay samy nikiakiaka hoe: « *Navela aho!* » Betsaka ireo ray amandreny sy vady mitady ireo tiany sy akaiky azy ka valian'ny fiangonana hoe: "Tsy aty *ny havanareo sy ny olon-tianareo! Nentin'ny Tompo izy ireo* "Ary Ary nitomany izy rehetrah sady nanao hoe: « *Ary tena marina izany fa Jesosy dia tonga nampakatra ireo vadiny! »*

Nitomany sy nanenina ny olona fa tsy nino an'I Jesosy ho Kristy. Tadidio fa izay tsy mino fa Jesosy no Mesia Mpamonjy dia very! Nahita olona sy pasitora betsaka aho izay nitomany ary ireo olona ireo dia nanontany ny pasitorany hoe: « ***Fa naninona kay ianao tsy nampianatra ny marina ? Nahoana no tsy nitory fahamasinana, tsy nampitandrina anay ny amin'izao mitranga izao? Tena fahadisoanao izao izahay tavela izao!***» Betsaka ny tsy voaray satria tsy niaina tamin'ny fiainana masina izy ireo. TSY MAINTSY MIAINA AMIN'NY **FIAINANA MASINA** ISIKA. TSY MAINTSY **MIVAVAKA** MBA HANAMPAHAMASINANA ISIKA ARY MAMPIANATRA NY OLONA **HIBEBAKA MARINA** FA TSY AMBAVA FOTSINY! Izaho nahita ireo olona nikapoka ny pasitorany, nandratra mafy azy sy nisintona ny volony. Mitalaho sy mitomany mafy ny pasitera tsy hasian-dratsy nefa tsy mijanona ny olona fa efa lasa fanahin-devoly.

Nisy koa fiangonana iray manontolo tavela tsy voaray.Hitako rahalahy te-hanapotsitra ny masony noho ny alahelo. Ao koa ireo manakapoka mafy ny lohany amin'ny rindrina sy gorodona ary tsy fantany fa i Jesosy Kristy irery ihany no fanafodin'izany. Satria ireo olona ireo dia te-hanohy foana ny fahotany sy ny faharatsiany ary te-hiaina foana arakaizay tiany. Ao ireo mandratra mafy ny tenany sy manatotontotona ny lohany mandra-pahavakin'ny karandohany, ary mianjera amin'ny tany izy ireo avy eo. Amin'izany dia feno ra mikoriana ao am-piangonana.Ary nahita aho tovolahy iray niteny mafy tamin'Andriamanitra hoe : ***"Raha sitrakao Tompo ô, raiso aho!"*** Nefa efa tara loatra. Jesosy dia efa tonga nandray sy naka ny fiangonany na ny olony. Tena nianjery tamin'ny tany aho satria nahita zavatra mahatsiravina be dia be.

Niteny tamiko Jesosy hoe: ***"Amin'izany fahorian-dehibe izany dia zava-mahatsiravina izay tsy mbola nisy hatrizay hatrizay tany aloha no hiseho."*** Nanontany aho hoe: « *Nahoana ireo olona ireo no miverina toy ny teo aloha ihany kanefa tena maratra be?* » Namaly Jesosy Tompo hoe: ***«Satria amin'izany andro izany, hitady fahafatesana ny olona kanefa tsy hahita azy. Niala tamin'ny tany ny fahafatesana »***. Nanontany ny Tompo aho hoe: « *Nahoana ireo pasitora sy iretsy olona iretsy no tavela tsy voaray?"* Ary namaly ny Tompo hoe: « ***Satria fantatro tsara izy ireo. Fantatro daholo ny ao am-pony.*** » Andriamanitra dia mahalala antsika... Fantany daholo ny ao am-pontsika.Nianjera tamin'ny tany aho ary saika torana mihitsy. Jesosy niteny tamiko hoe: ***"Nasehoko anao ireo mba hahafahanao milaza sy mampitandrina ny fiangonako ary mba hananan'izy ireo fanantenana amin'ny farany. Lazao izy ireo far aha hibebaka amin'ny fony torotoro tokoa dia hamela ny helony aho fa mbola fotoana izao.Tsarovy fa haneho zavatra goavana eny ambonin'ny tany Aho ".***

Azafady indrindra, sokafy tsara ny masonareo. Ny fiangonana ara-pilazantsara ao Chili dia mihamaro. "***Lazao amin'ny oloko fa raha mangataka famelan-keloka Amiko izy ireo dia havelako."*** Nahita fahitana iray hafa koa aho ka nahita afo nameno ny lanitra. Nanontany ahy Jesosy hoe: «***Hitanao ve io? Ho an'I Chili io afo masina io. Satria I Chili dia ho an'i Kristy! Andriamanitra dia hanova an'ny Chili!*** » Hitako ny afo nizotra mankao Chili. Niteny i Jesosy hoe: «***Ny mason'ny Raiko dia mijery an'i Chili.*** » Rehefa nilatsaka tao Chili ny afo dia dia hohitan'ny firenena maro ka ho tsapa fa Andriamanitra mihitsy no mihetsika. Ho faly ny fiangonana maneran-tany noho ny zava-dehibe ataon'Andriamanitra ao Chili.Nentin'ny Tompo tamintoerana iray atao hoe «*Paseo Humada*» aho ka nanehoany olon-tsamihafa tra-pahasembanana. Indro ny tena mpino marina nivavaka ho an'ny kilemaina tsy manan-tongotra ka mibaiko ny tongony mba hitombo sy haniry. Ary nanaiky izany ireo rantsana ka hita tsotra izao maniry sy mitombo.Eny, ireo tsy manan-tsandry dia namoronana teo noho eo.

Amin'izany fotoana izanydia maneho amim-pahagagàna ny mahampamorona azy ny Tompo. Betsaka ny sitrana ao am-piangonana. Hitsangana ny maty.Andriamanitra hampiasa anareo ao Chili hanao fahagagana toy izay nataon'ireo apôstôly tao amin'ny baiboly.

Izay no fanambarana nomen'Andriamanitra ahy Ricardo Cid.Antomotra ny fiaviany. Maranatha! Amen!




***Nandika amin'ny fiteny Malagasy:*** ***MASINAVY Jeannot***
***Fifandraisana : masinavy05@gmail.com***